MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

SESSION 2014

C-D

**Série** : C-D
**Code matière** : 005

**Epreuve de** : MALAGASY
**Durée** : 03 heures 30minutes
**Coefficient** : 3

**NB: Tsy maintsy atao ny laza adina I.**
**Isafidianana ny laza adina II.**

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao.**

Fanontaniana: **(isa 6)**

1- Manomeza anjara asa telo (03) sahanin'ny literatiora eo amin'ny fiaraha-monina.
2- Manomeza ohabolana iray avy mikasika ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny.

**LAZA ADINA II: Isafidianana ny A sy B** **(isa 14)**

A- FAMAKAFAKAN-KEVITRA:
Hoy Ramily ao amin'ny boky vakivakim-piainana nosoratan'Iharilanto Patrick ANDRIAMANGATIANA:
« Ny vola miteraka havana fa ny havana mandany vola ».
Fakafakao izany fiheverana izany.

B- FANADIHADIANA LAHATSORATRA

Fitsimbinana ny tena

«Ny aina tsy ananam-piry»: koa nataon'ny razana fa ny mety dia ny mahafoy ny sisa rehetra hiarovana azy. Izany no tsy mba nandalàny vola aman-karena hitadiavam-panefitra tany amin'ny mpanandro sy mpisikidy ary nivarotany hatramin'ny zava-tsy foy indrindra aza, fa «aina», hono, «mamy ny aina». Izany koa no nahatonga ny hoe: « raha ho faty ny havana, matesa ny omby; fa raha ho faty ny tena, matesa Rahavana».

Nataon'ny razana koa fa ny mety, na dia tsy maintsy ho faty aza any am-parany, dia ny mitandrina izay rehetra hampaharitra ny aina. «Fa ny mahery tsy maody tsy ela velona». (…) Nefa misy fetrany io hakanosana na fitandreman-tena io.

Raha tonga amin'ny zavatra inoany ho ambony vidy noho ny ainy, mahay mihenjana izy hanao vy very ny ainy ary tsy mataho-maty.

R.P. RAHAJARIZAFY
Filôzôfia malagasy, tak 44-45.

Hadihadio io lahatsoratra io.

* * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * * *